# Ny fasana no dingana voalohany amin'ny fiainana any ankoatra, ka raha voavonjy amin'izany ny olona iray dia mora kokoa noho izany ny manaraka, ary raha tsy afaka ao dia ho mafy kokoa noho izany ny manaraka

Tatitra azo avy tamin'ny Hanì, mpanampin'i Othman (R.A) niteny : Isaky ny nitsangana teo amin'ny fasana i Othman, dia nitomany mandra-paha lena ny volombavany, ary nisy nilaza taminy hoe : Nolazaina momba ny Paradisa sy ny helo ianao tsy mitomany, koa amin'ity ve vao mitomany? Namaly izy hoe : Tena marina fa niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny fasana no dingana voalohany amin'ny fiainana any ankoatra, ka raha voavonjy amin'izany ny olona iray dia mora kokoa noho izany ny manaraka, ary raha tsy afaka ao dia ho mafy kokoa noho izany ny manaraka."
[Tsara] [Notantarain'i al-Tirmizì sy Ibn Màjah]

Rehefa nitsangana teo amin’ny fasana ilay lehiben’ny mpino silamo, Othman bin Affan (R.A), dia nitomany izy mandra-pahalena ny volombavany, ary nisy nilaza taminy hoe : Notsiahivina taminao ny Paradisa sy ny Helo, dia tsy nitomany ho fitsiriritana ny Paradisa na fatahorana ny Afobe! Nefa dia mitomany ianao rehefa mahita ny fasana? Namaly izy hoe : Ny Mpaminany (S.A.W) nilaza fa ny fasana no dingana voalohany amin’ny fiainana any akoatra, ka raha voavonjy sy avotra amin’izany izy, dia mora kokoa noho izany ny dingana manaraka, ary raha tsy voavonjy amin'ny saziny, dia hahazo famaizana mafy kokoa noho ny izany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee